HIASA HO ANAO AHO

TONGAVA MIFIDY **25**

# H O AN'NY HOAVINAO

"**MPANANGANA**
FA TSY MPANDRAVA
**ISIKA**"




# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 30 oktobra 2018 Laharana 833 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

**Asan' ny Apostoly 1: 8** 5
**Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 80), 28 oktobra 2018**

**Fidio Dada N°25** 4

# Hadisoana ny tsy mandeha mifidy



**Ministeran'ny indostria sy sehatra tsy miankina** 7

# Tsy milamina ny tontolon'ny fandraharahana...



**KMMR Alasora** 5

## Tokam-po, tsy mahalala hafa-tsy ny kandida N°25 ihany



**Ady amin'ny tsy fandriampahalemana** 2

## "Drone à infrarouge", efa atao andrana hoy Dada N°25

**Amboasary Atsimo** 2

## Fahafaham-baraka be vava no nahazo an-dRajoelina

**Tiko Andranomanelatra** 7




## Olona voakarana saika ana-korontana ny orinasa

**Daka kely**

Domelina ve Rajoelina no toa mirediredy fotsiny sisa e !

ADY AMIN'NY TSY FANDRIAMPAHALEMANA

# "Drone à infrarouge", efa atao andrana hoy Dada N°25

Kaominina maro-maro sy madinidinika tao amin'ny faritra Matsiatra Ambony sy Amoron'I Mania indray no nanaovan'ny kandidà N°25, Marc Ravalomanana fampielezan-kevitra ny faran'ny herinandro teo, hatramin'ny omaly. Ankoatra ny tao Fianarantsoa tampon-tanàna, voatsidik'i Dada ny tao Mahasoabe, faritra Matsiatra Ambony Ambondromisotra sy Ambovombe Centre distrikan'i Manandriana faritra Amoron'i Mania, Andoharanomaitso, Ikalamavony, Ambalakely, Mahatsinjony, Sahambavy Matsiatra Ambony. Izao no midika fa tena kandidàn'ny vahoaka rehetra Dada N°25. Tsy ny tanàn-dehibe ihany no reseny lahatra hifidy azy amin'ny 7 novambra fa ny tantsaha maro an'isa eto amin'ny firenena indrindra indrindra koa. Nambarany tamin'izany fa vonona ny hanova ny fiainanao aho: asa fa tsy kabary. Io no tena nahafantarana ny filoha Ravalomanana nandritra ny 7 taona nitondrany. Tsy tanteraka hatramin'ny farany ny Madagasikara am-perin'asa : MAP I, izay hany programa fampandrosoana tena nahomby teto amin'ny firenena. Mangetaheta ny hampivoatra ny fiainan' ny Malagasy tsy vaky volo ny tenany, ka izay no antony nirotsahany indray ho kandida. Ny faran'ny herinandro teo dia nitsidika faritra maro-maro ny kandida laharana faha 25 isan'izany Marolambo, Mahasoabe, Ambositra, Fandriana, Ambohimahasoa, Ambinanindrano, Ambalakely, Sahambavy, Mahatsinjony ary Fianarantsoa. Ankoatra ny famelabelarana ny Manifesto dia nasehon'ny kandida laharana faha 25, Marc Ravalomanana tamin'ireo vahoaka maro tonga nanotrona azy ireo fitaovana vaovao ho an'ny mpianatra Malagasy tsy vaky volo. Nahatsiarovana ny kandida Marc Ravalomanana ny fizarana ny kits scolaires tamin'ireo mpianatra eran'i Madagasikara ary ny fametrahana ny « cantine scolaire » ka nahatonga ireo zaza Malagasy navitrika namonjy sekoly. Taorian'ny fanonganam-panjakana



notarihan'i Andry Rajoelina dia fantatra fa 1,5 tapitrisa ny ankizy no tsy tafiditra an-tsekoly (tarehimarika avy amin'ny UNICEF tamin'ny Oktobra 2018). Ankizy iray amin'ny telo no mahavita fianarana ambaratonga voalohany. Niharatsy ny voka-pampianarana. Anisan'ny ratsy indrindra amin'ny lafiny fanabeazana raha aty Afrika ny toerana misy an'i Madagasikara. "Fanamby lehibe no apetrako ho an'ny firenena Malagasy. Fidio Marc Ravalomanana, kandida laharana faha25, fa hanova ny fiainanao aho" hoy ny kandida tamin'ireo vahoaka. Tsy ireo mpianatra ihany, fa nampahafantarin'ny kandida ihany koa ny vinany momba ny fananganana ny ivontoerana lehibe ho an'ny tanora sy ny vehivavy. "Hatao moderina ireo ivon-toerana ireo ary hanaraka ny fivoaran'ny teknolojia. Efa misy ny "tablette" sy ny solosaina avy any Etazonia izay hampitaovana ireo ivontoerana ireo". Momba ny fandriampahalemana izay tena marary ny mponina amin'ity faritra ity dia efa mandeha amin'izao fotoana ny andrana ireo " drone à infrarouge" any Ranomafana. Nanamafy ny kandida faha25 fa dia hamerina ny firenena tan-dalàna eto amintsika hiverenan'ny fahatokisan' izao tontolo izao an'i Madagasikara izy. Nandritra izao fitsidihany ny faritra Amoron'i Mania sy Matsiatra Ambony izao dia naka fotoana manokana ny kandida laharana faha 25 nitsidihana ireo mbola tsaboina ao amin' ny Hopitaly Be Antambohobe-Fianarantsoa taorian'ny lozam-pifamoivoizana tao Mandalahy ny sabotsy lasa teo. Raha ny vaovao dia efatra ireo nodimandry nandritra ity voina ity, ka isan'izany ny mpanohana ny kandida faha25 antsoina hoe HASIM.

***Isambilo***

Serge Zafimahova

# Ireo antony anohanany an'i Dada N°25

Vahiny tao amin'ny fandaharana manokana tamin'ny televiziona MBS ny faran'ny herinandro teo, ny mpandrindra ankapobeny ny fampielezan-kevitry ny kandidà Marc Ravalomanana N°25. Nambarany tamin' izany fa : « zava-dehibe mahatonga anay hanohana ny filoha Marc Ravalomanana: ny filoha Ravalomanana dia manana fanetren-tena naiky fa misy ny zavatra vitany, fa misy koa zavatra tsy vitany ary mety misy zavatra koa mety nibolisatra, ka mety nandratra olona : manaiky



***Ny mpandrindra ny fampielezan-kevitr'i Dada, Serge Zafimahova.***

an'izay ny filoha Marc Ravalomanana. Izay fanetren-tena ananany izay anefa dia nahavitàny auto-critique, ka aminay ny dikan'izay dia olona efa mandroso izy, ny filoha Ravalomanana koa dia nanana recul tsara fony izy tany Afrika Atsimo », hoy izy. Ankoatra izany ny nahatonga azy lasa nifankahazo tamin'ny profesora Zafy Albert dia ny fihaonan'izy mirahalahy mianaka tany Afrika Atsimo sy tany Maputo Mozambika, ka nampisy complicité na fifankazoana teo amin-dry zareo, hoy ihany Serge Zafimahova. Namaranany ny resany dia hoy izy : « niaina zavatra maro ny filoha Ravalomanana tamin'izy tany Afrika Atsimo, niaina an'izany racisme na fanavakavahana izany izy tany ary tena nahafantatra marina fa hay izy tenany dia anisan'ny afrikana mainty. Noho izany ny filoha Ravalomanana dia olona nivoatra, niova. Noho izay fivoarany izay dia ny filoha ravalomanana no afaka:

– hiady hanala an'i Madagasikara ao anatin'ny fahantrana,
– hiady hahafahantsika malagasy hampitombo ny famokarana,
– hiady hamerina indray ny hasin'ny malagasy ao anatin'ny tsena iraisampirenena ».

***Isambilo***

Fampielezan-kevitra

# Matanjaka ny kandidà Marc Ravalomanana N°25 any Alaotra

Mbola voaporofo indray ny fitiavan' Alaotra iray manontolo an'i Dada Ravalomanana N°25 nandritra ny fandalovany taty Alaotra ny herinandro lasa teo iny. Tsy nila akanjo na nitaky fanomezana na vola fa tonga niatrika sy nanotrona an'i Dada mitondra ny laharana faha-25 avokoa ny rehetra, na tany Andilamena, na ny tany Tanambe, na ny tany Amparafaravola sy Morarano iny, na ny teto an-tampon-tanànan'Ambatondrazaka. Mazava ny resaka hoy ny rehetra fa dia vitan'i laharana faha-25 matavy ny fifidianana amin'ity indray mitoraka ity. Feno hipoka avokoa na dia tsy nisy artista aza niaraka tamin'ny kandidà Ravalomanana Marc nandritra io fitetezana an' Alaotra io. Tsy misy miala amin'ny laharana faha-25 eo hoy ny vahoakan' Alaotra satria izy no efa nampisondrotra ny fari-piainanay izay nopotehin'ny tetezamita, ka aleo izy no haverina hitondra eo mba hiverenan'izany fari-piainana izay efa niakatra ambony dia ambony izany. Tsaroan'ny vahoakan' Alaotra fa tamin'ny andron'i Dada no nisian'ny fiparitahan'ny kubota izay nahafahana nampiakatra ny vokatry ny fambolena taty Alaotra ary mbola taminy ihany koa no nisian'ny fiparitahan'ny moto izay lasa fitaovam-pitaterana nameloman-tena amin' izao fotoana izao. Nilamina ny tany hoy ny rehetra tamin'ny androny ary afaka natory tany an-trano ny rehetra saingy noravain'ny mpanongam-panjakana izany. Midika izany fa manankim-po amin'i Dada laharana faha-25 avokoa araka izany ny mponina aty an-toerana, na ny tantsaha, na ny mpiasam-panjakana, izay mifampiankina amin'ny fihariana ireo roa tonta ireo, ka rehefa mahantra sy fadiranovana ny ankilany dia manaraka an'izay ihany koa ny andaniny. Isan'ny andrandrain'ny vahoaka aty Alaotra ihany koa ary efa nahazahoam-baliny mahafa-po tamin'ny kandidà Ravalomanana Marc ny mahakasika ny fanabeazana izay nitontongana tokoa indrindra taty Alaotra nanomboka tamin'ny andron'ny tetezamita hatramin'izao. Betsaka no tsy tafiditra mianatra ny ankizy vokatry ny tsy fandriampahalemana sy ny tsy fananam-bola.

***Raoul***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Fidio Dada N°25

### Hadisoana ny tsy mandeha mifidy

Fifidianana tsy maintsy hirosoana fa io no manaraka ny lalampanorenana. Efa tsy nekena sy notoherina hatrany amin'ny taona 2009 ny tsy fanarahan-dalàna sy fikasan'ireo olom-bitsy hihoa-pefy. Mbola mitàna izay firehana izay hatrany ireo mpanohana ny filoha voafidim-bahoaka nohetraketrahana tamin'izany. Fotoana iray lehibe eto amin'ny firenena ny figadonan'ny fotoana hanatanterahana fifidianana ho filoham-pirenena. Ny hita hatramin'izao dia samy manentana ireo olona iadidiany avy ireo fikambanana na sokajin'olona mba handeha hifidy handatsaka ny vatony ao anaty vata hametrahany ny safidiny. Tena adidy masina amin'ny firenena ny fandehanana mifidy, ary ny mpino kristiana eo anivon'ny fiangonan-dehibe iray ao anaty FFKM mihitsy dia nilaza, fa fahotana eo anatrehan'Andramanitra ny tsy fanehoan-kevitra momba ny fiainam-pirenena. Ireo kristiana rehetra eto amin'ny firenena izany dia tokony handeha hifidy avokoa, fa hadisoana ny tsy manao izany. Manahy tanteraka avokoa izy ireo na dia tsy hiteny mahitsy aza, fa misy amin'ireo kandidà no tena mifamatotra amin'ilay ratsy hanapotika ity firenena ity sy hampahory ny vahoaka eto amin'ny firenena na hivarotra ity firenena ity mihitsy aza. Asa izany raha mba fantatr'ireo vahoaka mirohotra any amin'ireo fampielezankevitra hamoriam-bahoaka ireo? Efa nampitandrina mafy ireo raiamandrenim-piangonana eo anivon'ny FFKM, ka anjaran'ny vahoaka Malagasy ny mahay misafidy mba tsy hanenenana aorina sy handritra ny 5 taona indray. Mandehana mifidy fa adidy masina ho an'ny tanindrazanao izany sy anjara birikinao ho amin'ny fananganana indray ity firenena niniana nopotehina sy noravana ity. Noho izany, hadisoana ny tsy mifidy ary raha hifidy dia ny kandidà laharana faha-25 Marc Ravalomanana no hofidiana, efa ela niandrasana azy ny rehetra nandritra izay 9 taona izay, ka tonga izao ilay fotoana. Noverezina hasina ny firenena Malagasy, nisy izany, ohatra, tamin'ny nandroahan'ireo filoham-pirenena na filoham-panjakana mpikambana teo anivon'ny Firenena Mikambana ny filohan'ny tetezamita Rajoelina Andry tamin'ny taona 2010, fa "sans qualité". Fanalam-baraka izay sy ny vahoaka Malagasy ireny, ary izy aza tsy nifona akory tamin'ny vahoaka momba izany. Hamerina izany indray ny filoha Ravalomanana Marc amin'izao fotoana izao. Koa mahaiza mifidy ry vahoaka Malagasy fa hafa ihany ilay nahavita be teto amin'ny firenena tamin'ny lafiny rehetra na 7 taona ihany aza no nitondrany ny 2002 ka hatramin'ny 2009.

***Radafy***

Amboasary Atsimo

# Fahafaham-baraka be vava no nahazo an-dRajoelina

Samy niseho ho dadany tany amin'iny faritra Atsimo: Anôsy sy Androy iny ny Kandida laharana faha-13 Andry sy faha-12 Rajao. Tamin'ny faran'ny herinandron'ny 24 okotobra iny, tranga nahatsikaiky no niseho tao Amboasary Atsimo. Niara-nitontona tany an-toerana ireto Kandida roalahy ireo. Andry Rajoelina no tonga taloha .Efa namory vahoaka .Ora vitsy taty aoriana tonga koa i Rajao. Tratry ny tsy nampoizina i Andry satria vao tonga i Hery, avy hatrany nirohotra nankeny amin'i Hery ny vahoaka. Tavela nangaihay ilay DJ. Sosotra, avy hatrany nandray ny angidimby, nitsoaka matanjaka. Afa-baraka tamin'ny fokonolona i Andry Rajoelina sy ny zanaka Mapar. Noporofoin'Amboasary Atsimo fa tsy mila izany Andry mpandrava ny efa izany ry zareo. Amin'ny ankapobeny, fitiavana vidim-bola sy takalo tee- shirts sy spektakla bôjo no hita vao miainga ity filohan'ny tetezamita tsy mahalala menatra ity.

***Mangarahara***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fifidianana : aza entim-po manan'anaka, ka tsy manan-dray tsy fidiny ny ankizy

Iray andro, ny alakamisy lasa teo, no nivory teny amin'ny CCI Ivato ny vondron'ny kandidà mitaky ny hanokafana indray ny lisi-pifidianana ka nanapa-kevitra ary nanome 72 ora ny fitondrana hanatanterahana izany. Tsy vao izao anefa no nampiahiahy ny tsy fahatomombanan'ny lisi-pifidianana. Efa nivoaka avokoa ny lalàna entina manatanteraka ny fifidianana ary ny Lalàmpanorenana no fototra nandrafetana azy ireo. Anisan'ny niteraka ny hetsika ho an'ny fanovàna notariahan'ireo depiote 73 ny fandaniana ny lalàm-pifidianana nolanian'ny parlemantera tamin'ny fivoriana ara-potoana voalohany tamin'ity taona ity. Ampahatsiahivina fa nisy tovolahy roa maty tamin'ny andro voalohan'ny hetsika, ny 21 aprily 2018. Anisan'ny notakiana tamin'izany koa ny fandravana ny governemanta Solonandrasana Mahafaly Olivier, tanteraka izany ka nitsangana ny governemanta Ntsay Christian, ka ny iraka nampanaovina azy dia ny fanatanterahana ny fifidianana. Ny volana Mey no azo nosokafana farany ny lisi-pifidianana ka angamba, variana tamin'ilay hetsika ho an'ny fanovàna ireo kandidà sasany ka izao vao mahita ka taitra fa dimampolo isan-jaton'ny tokony hifidy no tsy voasoratra ao anaty lisitra. Tsy mazava aloha na taiza sy oviana ny fanadihadiana natao ka nahatongavana tamin'izany vokatra izany. Tsy vitan'ny fanokafana ny lisitra fotsiny anefa ny raharaha satria misy koa ny fitakiana ny fananganana ny CES hisolo ny HCC amin'ny famoahana ny voka-pifidianana ary eo koa ny fananganana « tetezamita ». Mitaky volana vitsivitsy izany ary ahiana ho aman-taonany indray vao ho tanteraka ny fifidianana. Roambinifolo andro mialohan'ny fifidianana vao manome izany fe-potoana izany ity vondron'ny kandidà ity. Nandritra izay valoambinifolo andro nanombohan'ny fampielezan-kevitra izay anefa dia tsy hita namory vahoaka sy nitety faritra loatra ny ankamaroan'izy ireo. Ireo sasany aza sady mitohy manao fampielezan-kevitra ihany no miara-mitaky ny hanemorana ny fifidianana. Tsy vitsy koa ny tsy manana programa mazava entina mandresy lahatra ny mpifidy fa variana mitsikera sy manilika andraikitra amin'ny kandidà hafa efa teo amin'ny fitondrana, na dia efa teo ihany koa aza. Azo lazaina fa fametrahana firenena tan-dalàna no tanjona iraisan'ireo kandida rehetra ireo, ka raha tsy mbola eo amin'ny fitondrana akory aza efa tsy manaja lalàna sahady dia tsy azo inoana fa ho voafehin'ny lalàna rehefa mahazo fahefana. Tsy nofidian'ny vahoaka ireo kandidà ireo hanao ny fitakiana dia tsy ara-dalàna sady tsy aradrariny izany ny fijoroany (illégal et illégitime). Ambonin'izany, iza ary avy aiza ny hery hampanatanterahana (force exécutoire) ny fanapahan-kevitra? Inoana fa raha hiantso vahoaka indray dia tsy hisy hanaraka intsony satria efa te-hamadika tanteraka ny tantara ary efa leo ny savorovoro sy ny gidragidra ny vahoaka. Ny fifidianana amin'ny 17 Novambra 2018 no fitaovana tokana hoentina handrafetan'ny olompirenena iray manontolo ny hoaviny. Koa raha hampitsahatra ny fampielezan-kevitra ataony ireto kandidà ireto, na hitory any amin'ny fitsarana dia azo inoana fa tsy ho sakana eo amin'ny fanatanterahana ny fifidianana izany. Tsy azo lavina kosa anefa fa na eo aza izany fanapahankevitra izany dia tsy maintsy hisy handatsabato ho azy ireo ihany amin'ny 7 Novambra 2018.

***Andry Tsiavalona***

TMMR

## Manameloka ny herisetra amin'ny fampielezan-kevitra

Manolona ny herisetra niafara tamin'ny famonoana nisy nandritr'izao fampielezankevitra amin'ny fifidianana filohampirenena izao ; amin'ny anaran'ny Tanora Manohana an'i Marc Ravalomanana (TMMR) manontolo ; ny TMMR dia tsy mankasitraka ny herisetra sy famonoana ny samy Malagasy manoloana ny tsy fitovian'ny fijery sy ny olona tohanana. Tsy vahaolana velively ny rà latsaka ; ny fandrobana ; ny fihantsiana ; ny fanakaramana olona ; ny fihetsika toa izany rahateo no efa namotika ny firenentsika toy izao ; koa miantso ny kandida tsirairay mba samy hifehy ny olony hoy ny fanambarana. Miantso manokana ihany koa ny mpanohana an'i Dada izy ireo mba hanana fandeferana sy fahendrena hatrany araka izay efa nanabeazana antsika eny fa na dia iharan' izany herisetra sy famonoana izany aza isika ankehitriny . Olon-kendry isika zanak'i Dada ary nandalo sedra sy fanabeazana nandritry ny fotoana maro . Miantso ny tanora mba tsy hatao fitaovana hamotehina ny firenena fa isika no tompon'ny ampitsontsika. Mampahery sy miaraka ory amin'ny namana sy fianakaviana manana ny maratra sy namoy havana ny TMMR. Samy ho tahian'Andriamanitra anie isika ary izy hitondra ny vahaolana sy fahazavana ho an'ny firenentsika ka hampanjaka ny marina eto Madagasikara.



*Ireo mpitarika ny TMMR.*

***Isambilo***

Fort Dauphin

## Nomarihana ny faha-150 taona nahaterahan'i Mahatma Gandhi

Nomarihana tany Fort-Dauphin ny faha-150 taona nahaterahan'i Mahatma Ghandi. Matotra ny fifandraisan'i Madagasikatra sy i Inde. Hetsika roa sosona no notanterahina tany Fort Dauphin, renivohitry ny faritra Anôsy ny 25 Oktobra teo: fanamarihana ny tsingeritaona faha-150 nahaterahan'i Mahatma Gandhi sy ny forum d'affaire Inde sy Anôsy. Ny CCI Anôsy no tompomarika tamin'ny hetsika. Nanome voninahitra ny fotoana ny masoivohon'i Inde miasa sy monina eto Madagasikara. Ireo olona nasaina, nandritra ny fihaonana, no nampahatsiahivina ny tantaran'ny fifandraisan'ny firenena roa tonta, izay mbola miha-matotra hatrany. Hohamafisina ny fifandraisana tsara eo amin'ny arabe ohatra. Ny faha-2 kosa, hetsika notarihan'ny jeneralin'ny ministeran'ny fitaterana sy ny famantarana ny toetr'andro, natrehin'ireo talem-paritra Anôsy, Androy ary Atsimo Andrefana. Tapaka tamin'ity fihaonana ity fa tsy maintsy haverina amin' ny laoniny ny filaminana eo amin'ny fifamoivoizana, hajaina ny cahier de charge, fifantenana ireo mpamily ary toromarika maro samihafa. Samy tonga nanome voninahitra ny fotoana ireo Préfet de Région sy Chef de district. Fanirian'ny rehetra ny hampihenana na tsy hisian'ny lozam-pifamoivoizana intsony.

***Mangarahara***

## NY TENY FIAINANA

***Romana 1:18***

*Fa aseho avy any an-danitra ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ny faharatsiana rehetra sy ny tsy-fahamarinan'ny olona izay misakana ny fahamarinana amin'ny fanaovan-dratsy".*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Sarintanin'i Madagasikara, mirediredy i Andry Rajoelina




**Haga Ravalison :** ekena e. Nivoatra be i Madagasikara, raha izao no sary tian-dRadomelina hanaovana azy, teny miredirdy ilay Boaikely.

**Rakotoarinjatovo Lova :** hahita an'i Sydney sy Rio ihany aho zany, tsy mila mankany fa eto ihany, tena miredirdy mihitsy ilay Rajoelina.

**Njara Liantsoa Fidimanana :** fidio zany le 13 e, zay te hahita an'i Las Vegas eto ihany amin'ny faran'ny taona, hihihiiiii!

**Haga Ravalison :** efa mipetraka eto Washington aloha d mipetrapetraka kely kkkkk, sao dia efa hiviaka ary Rajoelina e!

**Rado Hubert Rakotomamonjy :** manonofy antoandro mihitsy ilay Rajoelina, tratran'ny tazom-pahefana.

**Haga Ravalison :** tsy mila mankany ivelany intsony fa efa eto an-tanàna avokoa ny tanàna lehibe any ivelany. Sao dia diso daozy ary Boaikely mandritra ireny propaganda ataony ireny.

**Su Qing Feng Razafindralambo :** aiza ho aiza no misy an'zany Venise zany eto Madagasikara?? Hihihiiiii! Soa dia efa lasa ary ity Rajoelina ity, toa ohatry ny kely sisa no mitana azy.

**Fetra Ramamonjisoa :** tena hita hoe tsy manana programa Rajoelina fa miteniteny foana fotsiny sisa, maka tahaka fotsiny koa: manana fanamby 13 koa hono, tena Boaikely mampihomehy mbola tsy mikatona loha malemy marina.

**Claude Jacky :** mivolambolana fahatany Rajoelina ty ka, tena ho 1er tour dia ho victoire ny an'i Président Marc Ravalomanana.

**Martine Ramahefa :** tena miteniteny foana mihitsy ilay Andry Rajoelina, tratra ny tazom-pahefana, manina ny tongolon'i Egypte tamin'ny tetezamita izay tsy hiverina intsony.

TONONKALO

## Ireo andrim-panjakana ankehitriny

Andry mampiahiahy , tsy tena hita ho mijidina,
Izany izao no tazana eto raha jerena ny eny ambony.
Ny mpitantana ao va re no efa voageja manodididna
Ka hatramin`ny fijorony no efa tsy mahitsy intsony ?

Andry boboka aza angamba raha hahitsy ny filaza,
Fa tsy marina amin`ny toerany no tsy marina amin`ny asany.
Iavoloha , Ambohidahy , Anosikely , Tsimbazaza :
Tena maloka tanteraka na ny ho avy na ny lasany !

Resabe mifono fitaka , izany foana no tsikaritra,
Ary dia miraradraraka sady re mipatrapatraka.
Saingy indrisy, tsy mitondra vahaolana maharitra,
Nefa izany no aroson-dry zalahy miseho ho "katraka" !

... Andry anefa , hono , ireny , tena andrim-panjakana,
Ka dia saino hoe hankaiza no hiafaran`ny firenena !
Fibodoana seza hatrany mantsy izao no toa mafana.
Fa izay tombontsoam-bahoaka dia odiana tsy jerena.

***DADAN`i ZINA (29-10-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny kandida Marc Ravalomanana, N° 25 tany Ambalakely Fianarantsoa.





Ny fihaonan'ny minisitra Guy Rivo Randrianarivo tamin'ny sehatra tsy miankina rehetra.





Ny fampielezan-kevitra nataon'i Neny Lalao Ravalomanana ho fampandaniana an'i Dada teny Alasora.









## Asan'ny Apostoly 1: 8

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 80), 28 oktobra 2018

***Asan'ny Apostoly 1: 8 Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.***

Efa voalazako teo aloha ary hamafisin'ny Baiboly : JESOSY no hanao Batisan'ny Fanahy Masina anareo. Tamin'izany andro nanambaran'i Jaona izany no efa fantatra ny FANAHY MASINA ary tokony hilatsaka amin'ny olona, tokony hiseho, tokony ho tonga, tokony hiasa. Manana ny ASANY manokana io FANAHY MASINA io ary izany no antony nandefasako AZY eo aminareo. Maro ny ASANY arak'izay anirahako JEHOVAH AZY. Tsy azo sandohana, tsy azo amitahana na mpamitaka, tsy atao kilalao na andrakandramana sy anaovana halatahaka. Masina IO, sarobidy, saro-pady koa. Hahazo hery hianareo rehefa eo aminareo na ao anatinareo ny Fanahy Masina. Tamin'ny fotoana izay nilazan'i JESOSY fa omena ny Fanahy Masina ny mpianatra, teo dia nihevitra izy ireo fa hampodiana na tonga ny FANJAKAKO JEHOVAH, satria io Fanjakana io no fampianarana naverimberin'i JESOSY teo amin'izy ireo. Tsia hoy JESOSY, tsy amin'izao andronareo izao mihitsy. Dia hoy ny mpianatra, rahoviana ary? Hoy JESOSY : amin'izany fotoana izany dia halatsaka ny FANAHY MASINA ka dia hahazo Hery hianareo. Satria Fanjakan'ny Lanitra no toriana sy atsangana ka dia ho vavolombeloko JESOSY hianareo amin'izany, any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatrany am-paran'ny tany. Etsy adikako JEHOVAH aminareo indray ny dikan'ireo anaran-tany ireo. Dika ara-panahy no omeko anareo ankehitriny. Tsy misy safidy intsony fa tsy maintsy ekena.

<u>Jerosalema</u> = Ianao

<u>Jodia</u> = ny ankohonanao sy ny faritany

<u>Samaria</u> = ny Firenenao

<u>Faran'ny tany</u> = Izao tontolo izao

Rehefa manomboka, ianao no mandray sy mihaino ary milatsaka aminao ny FANAHY MASINA dia mampita amin'ny ankohonanao ianao ary mampita amin'ny manodidina ka indro miely hatrany amin'ny faritany ny FILAZANTSARA. Ny fiafarany dia ny firenena mihitsy no mandray sy nahazo ny vaovao ary izany Firenena izany mihitsy sy ny mponina ao aminy no manao ny ASA fitoriana. JESOSY izany toriana izany, IZY no Filazantsara. Teo aloha AHO JEHOVAH dia nanambara taminareo hoe : tara ny fitoriana sy ny Fanambarana an'i JESOSY sy ny Fanjakany. Novana, namboarina, tsy mitohy, lasa ifaninanana, mampiady, ifampitsikerana. Kanefa ny andro sy ny fotoana tonga ihany. Soa fa teo ny Fanahy Masina sy ny Heriko nihazona ny ZAVA-MIAFINA hatrany ka fohaziko izany ankehitriny. Raha ny marina dia tokony notoriana tsy an-kiato io Fanjakana io. Tamin'izany JESOSY no efa nanambara fa tsy tokony niala tao am-pon'ny olona sy teo am-bavany izany. Tokony tsy miala tamin'ny fitoriana ny Fanjakan'ny Lanitra ny mpitory, ny Fiangonana rehetra tsy an-kanavaka (avaratra, atsimo, andrefana, atsinanana) ireo ilay faran'ny tany. Tokony tsy novanareo ny fampianarana, io Fanjakan'ny Lanitra io no tokony ho lohalaharana sy vaindohan-draharaha sy tokony manakoako ary laharam-pahamehana. Izao ary ny vaovao lehibe lazaiko aminareo, tonga ary izao ny fotoana fa hatramin'izay dia fiomanana sy fakàna bahana hatrany. Tsy tamin'ny andron'ireo mpianatra mihitsy no nitsanganan' izany Fanjakana izany fa amin'izao andronareo izao ry zanak'olombelona o! Vonona ve hianareo? Izao no fotoana hampodiana ilay Fanjakana. ASA lehibe io. ASA marina ary ASA farany alohan'ny hahatongavan'ny zavatra ambonin'ny tany. Aza hadino izao lazaiko JEHOVAH izao, ny fisehoan'ireo fahaverezan-kevitra etsy sy eroa, tsy hay tohaina, mamono, mandringana, miovaova, mivadibadika, mampahory, mampalahelo, mampatahotra ary tena tsy misy vahaolana. Ireo rehetra ireo no itodihan'ny zanak'olombelona ao amin'ny FAHAMARINANA; Izao no tiako hambara ry mponin'ny tany. Matoa AHO JEHOVAH mampianatra ireo DINGANA DIMY ireo dia raiso haingana fa antoky ny FIAINANAO sy ny ZAVA-MIAFIN'NY FANJAKAKO JEHOVAH izay natolotra an'i JESOSY irery. Tsy misy Fanjakan'ny Lanitra mitsangana raha tsy alatsaka ao amin'izay firenena voafidy hanao izany ny Fanahy Masina: zava-miafina koa izany. Izao no tiako hambara : ny Fanahy Masina dia olona iray no omena sy mandray azy rehefa resy lahatra ny amin'ny FAMPIANARANA izy. Tsy ikambanana na iraisana aman'olona fa ianao irery no mibebaka sy miaiky fahotana ka natao Batisan'ny Rano. Izay ilay hoe : ianao = Jerosalema ka raha toa hanao koa ny hafa, dia hianareo no mitambatra, miaramiasa, miara-xandeha, miara-manao, miara-mitory, miara-miseho ary Fanahy iray no ao anatinareo, Batisa iray no natao anareo, fampianarana iray no noraisinareo ary tanjona tokana no kendrenareo dia ny Fitoriana an'i JESOSY sy ny FANJAKANY. Dia izay ilay voalaza hoe, Asan'ny Apostoly 1: 8[b], Ho vavolombelon'i JESOSY manomboka aminao izay JEROSALEMA, izay vao miampita ao Jodia, Samaria ary hatrany am-paran'ny tany ny fitambaranareo. Ka ahoana indray ary hoy hianareo no hanaovan'i JESOSY Batisan'ny FANAHY MASINA anareo???

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min-6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## KMMR Alasora

# Tokam-po, tsy mahalala hafa-tsy ny kandida N°25 ihany




Teny amin'ny kaominina Alasora distrikan'Avaradrano indray no nanohizan'i Neny Lalao Ravalomanana ny fampielezankevitra hampandaniana ny kandida faha25 Marc Ravalomanana omaly. Na tao anatin'ny fotoana fohy aza no nanomanana ny hetsika teny antoerana dia tonga marobe ireo mpomba an'i Dada. Ny solontenan'ny mpanolotsaina ny tanàna, Mbola Namana, raha nandray fitenenana dia nanambara fa misy ny te- hanakorontana ny biraom-pifidianana, ka mila mitandrina sy mailo tsara isika. Tongava maraina fa aza miandry ela, vao misokatra ny birao fandantsaham-bato dia tonga dia mirodorodo isika hifidy an'i Dada N°25. Akaikin'ny ny fon'ny filoha MARC Ravalomanana ny eto Alasora, ny ray amandreny tsy mahafohy zanaka, fa izay zanaka tsy manoha ray amandreny dia aleo ho very any ireny hoy ny mpandrindra ny KMMR ao Alasora Rasolofojaona Manda. Neny kosa raha nandray fitenenana dia nanome fanantenana ho an'ireo vahoaka tonga nihaino azy. Tsy mpanao kobaka am-bava i Dada fa ny azy asa tonga dia vavany, hita izany ao amin'ilay fandaharan'asany Manifesto, dina 10 hifanaovana velirano amin'ny vahoaka hoy i Neny, koa dia harotsahy ny vato laharana faha-25 ny 7 novambra ho avy izao hoy izy.

**Helisoa**

## Boriboritany V (CUA)

# Nanatanteraka fisoratam-panambadiana maimaimpoana faobe



*Fanambadiana ara-panjakana maimaimpoana tetsy Ambatomaity.*

Notanterahina ny sabotsy teo, tao amin'ny biraon'ny Boriboritany faha-V Ambatomaity, ny fisoratam-panambadiana maimaimpoana faobe notanterahin'ny avy eo anivon'ity Boriboritany ity, notarihan'ny delege, Rakoto Richard Emmanuel. Araka ny toromarika avy amin-dRamatoa Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, ho fitsinjovana ny vahoaka no anton'izao hetsika izao. Mpivady tanora miisa 47 ireo tonga namaly ny antso, nanatanteraka izay fisoratam-panambadiana maimaimpoana faobe izay. Araka ny naha-maimaimpoana azy, tsy nisy ny vola naloa tamin'ny fikarakarana izao fanambadiana ara-panjakana izao.

**Aly**




Message important du président Marc Ravalomanana

Je suis choqué par la dernière attaque de mes partisans à Antananarivo, qui a entraîné la mort de Razanaboahangy Marie Augustine dit Neny, 46 ans. Il s'agit de la sixième attaque contre mes partisans dans ce district depuis le début de la campagne. C'est totalement inacceptable!

Tout d'abord, je souhaite exprimer mes condoléances à la famille de la défunte.

Deuxièmement, le leader responsable de ces attaques violentes doit prendre position, il doit les condamner publiquement et se distancer de ce comportement. Il doit spécifiquement dire à ses partisans que ce genre de violences ne sera pas toléré.

Madagascar a besoin de sûreté et de sécurité. Je demande donc aux habitants, quels qu'ils soient, d'exprimer leurs opinions politiques de manière non violente.

Nous avons dix jours avant l'élection. Mes partisans vont faire preuve de retenue. Nous défendons la paix, la sécurité et le développement de tous les Malgaches. Les autres candidats doivent s'engager dans le même sens.

**« Soyons calmes et votons pacifiquement pour le bien de notre pays »**
**Marc Ravalomanana**

BORIBORITANY VI (CUA)

## Nanadio ny faritra misy dabam-pako iraisana

Nohon'ny fahitana fa tena miparitaka eny ivelan'ny dabam-pako ny fako teny amin'ny fokontany : Anosivavaka sy Antanety, ao amin'ny Boriboritany faha-6, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia nandray andraikitra avy hatrany ireo mpiasa, ekipa teknika avy ao amin'ny boriboritany faha enina omaly alatsinainy maraina. Namerina ireo fako miparitaka ety ivelany, natao tao anaty dabam-pako izy ireo. Marihina fa andraikitrin'ny SAMVA tanteraka no manala ireo fako ao anaty dabam-pako iraisana ireo. Ny anjaran'ny kaominina, dia mitatitra ireo fako ho ao anaty dabam-pako, na izany aza dia manampy ny Samva ihany ny kaominina amin'izay fitaterana ny fako mankany Andralanitra izay, amin'ny alalan'ny fanomezana kamiao itaterana ireny fako ireny. Izao no natao dia mba hitandrovana hatrany ny fahadiovana, ary mba hananana tanàna milamina sy madio hatrany araka ny toromariky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana.



*Ny fanadiovana ny dabam-pako iraisana nataon'ny tao amin'ny Boriboritany faha-VI.*

***Aly***

Boriboritany faha-2 (CUA)

## Nametaka takelaby milaza ny ora tokony hanariana fako



Nametaka takelaby milaza ny ora tokony hanariana fako eny amin'ny dabam-pako lehibe iraisana omaly ny tao amin'ny Boriboritany faha-2, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Natanteraka ny asa ireo ekipa teknika ao amin'ny Boriboritany faha-2 ity, izay tarihan'ny delege Razafindraibe Jacques. Ny toerana fanariampako nametahana izany takelaby izany dia: Anjohy, Ankazotokana, Ambohitsiroa, Ambanidia Arrêt 184, Miandrarivo, Manakambahiny Cité, EPP Volosarika, UCM Ambatoroka, Villa Berlin, Ecole BIRD, Jirama Mandroseza, ary Tsiadana. Marihina fa ny ora fanariana fako eto amin'ny tanânan'Antananarivo dia tokony hanomboka amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina, izany dia mba ho fandrindrana ny fanalana ireny fako ireny amin'ireo dabam-pako lehibe iraisana ireny avy eo.

***Aly***

100 taonan'ny fifaranan'ny ady lehibe voalohany

## Hankalazaina ao amin'ny AFT Andavamamba

Hankalazaina ny faha-11 novambra ho avy izao ny faha-100 taonan'ny nifaranan'ny ady lehibe voalohany. Tsy ho diso anjara amin'ny fanamarihana izany isika eto Madagasikara satria nisy ny Malagasy nalefa niady tany Eoropa tamin'izany fotoana izany. Etsy amin'ny AFT na ny Alliance Française Andavamamba no hanamarihana izany ny 5 ka hatramin'ny 11 novambra ho avy izao. Hetsika maro samy hafa no hatao mandritra ireo fotoana ireo, izay azo hatreh an'ny be sy ny maro, indrindra fa mpianatry ny kolejy sy ny Lycée. Hisy mandritra izany ny fampirantiana mahakasika io faha-100 taona nifaranan'ny ady lehibe voalohany io, horonan-tsarimihetsika, ary famakiana ny taratasy nosoratan'ireo miaramila Malagasy niady tany Eoropa 100 taona lasa izay.



***Aly***

**SARIITATRA:** Feno hipoka avokoa izay toerana rehetra alehan'i Dada




Fiarahamonina

## Fahasimbana aloha izao no hita miharihary

Samy mihivingivina ny be sy ny maro nandre sy nahafantatra ny zava-nitranga tany Ambanivohitr'i Fénérive-Est sy tany Andapa, andro vitsivitsy lasa izay. Fihetsika vahoaka mirongatra mahery setra. Tsy vao tamin'izao ihany anefa no nisian'izany toejava-misy ara-piarahamonina mampieritreritra lalina izany, fa efa nisy fotoana samihafa nisehoany tany faritra samihafa. Ho an'ny mahalala, dia tato anatin'ny 10 taona farany no nanomboka niseho lany sy nirongatra izany. Izany hoe, nanomboka tamin'ny taona 2009 nisian'ny fanonganam-panjakana teto amin'ny firenena mandraka ankehitriny. Tsy nisy izay tsy niaiky ireo olom-pirenena efa lehibe sy zokinjokiny mahazo taona fa niha nikorosy mihitsy ny toe-tsain'olo-maro sy ny maha olom-pirenena (civisme) nanomboka tamin'io taona io no mankaty. Tsy nisy intsony fanajana ny maha olona, nihen-danja tanteraka ny fahalalam-pomba ka tsy nisy intsony ny fiahotrarana amin'ny fanevatevana olona tokony hajaina, niha nahazo vahana ny asan-jiolahy sy fandrobana, ary indrindra indrindra ny tsy fanomezan-kasina ny ain'olombelona asehon'ireo haratsiana sy habibiana mahatsiravina. Raha aravona, niha niroso nankany amin'ny fahasimbana ny soatoavina sy ny fiarahamonina Malagasy.

Tsy tongatonga ho azy anefa izany fahapotehana amin'ny endriny maro samihafa mitranga eto amin'ny firenena izany, fa nisy rangory fototry ny afo. Anisany tompon'andraikitra amin'izany ireo rehetra niketrika ny fanonganam-panjakana teto tamin'ny taona 2009. Niaraha-nahita ny zava-nisy, fa miaramila ambany grady nasaina nanevateva, nandray vozon'akanjo ny lehibeny ambony galona lavitra noho izy; toy izany koa no nanaovana ny raiamandreny am-panahy filoham-piangonana ; ny fitarihana ny vahoaka handroba sy handrava ary handoro fananan'olona sy orinasa mbamin'ny haino aman-jerim-panjakana; Ny fihetraketrahana tamin'ireo olona tsy nitovy hevitra tamin'izy ireo na nanelingelina azy niseho lany. Nisy nitarika avokoa ireny rehetra ireny, izay tsy voatanisa avokoa,ary izany no zary leson-dratsy nalentika tao andohan'ny vahoaka isan'andro ary nandritra ny fotoana ela. Ho an'ny mpandinika fiarahamonina, baomba naotrika miandry fotoana hipoahany (bomba à retardement) napetrak'izy ireo ny toejava-misy ankehitriny eo amin'io resaka firongatry ny herisetram-bahoaka io na ihany koa ireo endripahalovana samihafa. Nabotetaka ambany ilay firenena, ary nohosihosena ny hasin'ny vahoaka Malagasy. Porofon'izany ny firongatry ny vaky fasana sy halatra taolam-paty nanerana ny faritra maro teto amin'ny Nosy. Niseho lany izany tao anaty tetezamita ary mbola nitohy tanteraka hatramin'ny fitondrana Rajaonarimampianina. Ity fitondrana farany ity araka izany dia tsy nahavaha olana ary tsy nahita vahaolana mihitsy amin'io fahapotehan'ny firenena io. Porofon'izany ireto vao nitranga tany amin'ny faritra avaratra sy atsinanan'ny Nosy ireto.

Azo tsorina, fa tsy nisy ny fanabeazana ny vahoaka nandritra ny folo taona niainana ny tetezamita sy fitondrana Hvm. Raha nisy aza dia saiky nankany amin'ny lafiny ratsy no mandalo maro eo imason'ny olona. Tsy nanome modely tsara tamin'ny vahoaka ny mpitondra tamin'ireo vanimpotoana ireo, ary niaraha-nahita tsara izany. "Mora ny mandrava" , hoy ny fitenenana, ary izay no mety takatr'ireo rangory fototry ny afo nampizorana ny lalan'ity firenena ity. Fa "Sarotra ny manangana", tsy vitan'ny olona tsy manana traikefa izany. Ny olona manana traikefa amin'izany, efa nanambara, fa mpanangana izy fa tsy mpandrava.

***Sôh'son***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miandry A**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**27/10/18 hatramin'ny 03/11/18**

- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 833-10-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**MINISTERAN'NY INDOSTRIA SY SEHATRA TSY MIANKINA**

# Tsy milamina ny tontolon'ny fandraharahana eto Madagasikara

Nihaona tetsy amin' ny Hotel Carlton Ampefiloha omaly ny avy amin'ny ministeran'ny indostria sy ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina, notarihan'ny ministra Guy Rivo Randrianarisoa, sy ny avy amin'ny sehatra tsy miankina rehetra eto Madagasikara, nosoloin'ireo mpitarika ny fikambanana samy hafa amin'ireo sehatra tsy miankina eto amintsika. Voasolotena tao avokoa ny 90% ny mpandraharaha eto Madagasikara satria dia niatrika izao fihaonana fifanakalozan-kevitra sy fifampidinihana izao ireo fikambanana lehibe eto amintsika ivondronan' ireo mpandraharaha tsy miankina ireo. Tao ny GEM (Groupement des Entrepreneurs de Madagascar), ny SIM (Sendikan'ny Indostria eto Madagasikara), ny FIVMPM (Fivondronan'ny Mpandraharaha eto Madagasikara), ny GEFP (Groupement des Entreprises Franches et Partenaires), ny Association Professionnelle des Banques (Fivondronan'ireo matihanina eo amin'ny sehatry ny banky), ny holafitry ny expert comptable eto Madagasikara, ny GOTICOM na ny fivondronan'ny mpandraharahan'ny fifandraisandavitra sy ny teknolojia vaovao, ny Federasionan'ny mpandraharahan'ny fizahantany, ny avy amin'ny holafitry ny mpanao mari-trano na ordre des Architectes Malagasy, ny avy amin' ny antsoina hoe Chambre des Mines n any fivondronan'ny mpandraharaha eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, ary ny avy amin'ny APTR na ny fivondronan'ny mpandraharaha mpitatitra eto amintsika. Navoitran'ny solontenan' ireo mpandraharaha fa tsy milamina ny tontolon'ny fandraharahana eto Madagasikara amin' ny lafiny maro : eo amin' ny fandriampahalemana sy filaminana amin'ny ankapobeny, toy ny fisian'ny fakana an-keriny matetika mihàtra amin' ny sehatra tsy miankina. Tsy milamina koa ny eo amin'ny tontolon'ny fitsarana sy ny resaka hetra.



Ny fisian'ny fanararaotana ataon'ireo mpanara-maso sasany avy amin'ny ministera. Tsy mbola tena milamina koa ny fifandraisan'ny sehatra tsy miankina eto antoerana sy ny any ivelany. Ho fanohanana ireo orinasa madinika sy salantsalany hoy ireo mpandraharaha, tokony hatevenina ny sehatra mahome antoka ireo mpandraharaha madinika, hahafahany misambo-bola bebe kokoa. Eo amin'ny sehatry ny fizahantany, olana ny tsy fandriampahalemana, ny fifandraisan-davitra sy ny serasera, ny fitaterana an'habakabaka, tokony hampiasaina ny fandoavambola amin'ny fomba eletronika,… Nanambara ny ministra Guy Rivo Randrianarisoa, fa na ho fohy ihany aza ny ipetrahany ao amin' ity departemanta ity, hiezaka izy sy ny mpiara-miasa aminy hamaha sy hijery akaiky ireo olana samy hafa amin'ny sehatra tsy miankina izao, ary hitohy hatrany hoy izy ny dinika eo amin'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina izay.

***Aly***

Andranomanelatra

# Olona voakarana saika anakorontana ny orinasa Tiko


Nahatsikaiky ny tranga niseho tany Andranomanelatra Antsirabe ny zoma lasa teo. Nisy olona notaomina tamin'ny fiara bus laharana faha-11 avy any Antsirabe mantsy nokaramaina 4.000 Ar isan'olona mba hitaky ny fanakatonana ny Orinasa Tiko Andranomanelatra, fa mambotry vahoaka hono, ary nitaky ny hamerenana ny tanin'izy ireo izay nambara ho nalain'ny filoha Ravalomanana Marc. Olona avy tany Antsirabe ireto notaterina ireto ary nofitahina fa hanao fampielezan-kevitra sy Carnaval ao Andranomanelatra no niantsoana azy ireo. Izany fikambanana TMH, manohana an'i Andry Rajoelina izany no tompo-marika tamin'ny hetsika satria olona avy ao no nitady ireo olona. Nisy tompon'andraikitra iray koa voarohirohy tamin'ity resaka ity izay nilaza fa tsy fantany ny nitadiavana ireo olona, fa nitady olona avy any an-toerana ho karamain'ireo olona TMH ireo, ka olona 22 avy ao Tsaravavaka no hitany, ka nalefany tany Andranomanelatra, saingy nambarany fa tsy fantany izay ilàn'ireo olona azy. Izy kosa dia nametrahan'ireo olona vola 120.000 Ariary ho karaman'ireo olona, izay samy manana 4.000 Ar avy. Rehefa vita ny asa dia niteny ireo olona fa vita ny natao ary dia tonga an-kitsimpo izy nanome ny vola tsy tamin'ahiahy na dia somary nihataka kely ny be sy ny maro ihany aza. Fandotoana sy fanaramana olona sisa herin'ny kandidà sasany fa tsy manana hevitra hafa intsony angamba!

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 258**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0257)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Katolika | - Neny – Aty | - Korana | - Rà – Ma (Miv) |
| - An | - Asa – Tafa (Miv) | - Tsena (Miv) | - Fanahy (Miv) |
| - Randrana | - OM – OI | - Tanàna | - Natao |
| - Anarana | | - Ondry | - Ala – Ity |

## TENY MIFANAPAKA N° 258



**Mitsivalana**

**1.** Varatra – Menaka (BR) **2.** Atokisana **3.** Kere – Litera efatra mifanarakaraka **4.** Fihaonana an-databatra boribory **5.** Tononandro **6.** Eka – Ao avaratra andrefana ao **7.** Fitaovana fanjairana (Miv) – Enti-milaza **8.** Taperiko (Miv) – Mari-pahaizana **9.** Mampisafidy – Sotrako (Miv) **10.** Tao – Eo amin'ny vatana

**Mitsangana**

**A.** Fitaovam-pifandraisana – Reraka **B.** Mikoriana ao anaty (Miv) – Piso **D.** Efa antitra **E.** Nanaraka ako sy feo **F.** Antsoantso – Ranobe midadasika **G.** Ao anaty rano – Tanàna iray any Antsinanana **H.** Tsofoka – Teny miangavy (Miv) – Lalam-pirenena **I.** Tanàna masina (Miv) – Tovovavy tena Malagasy **J.** Inona – Nivolana (Miv) **K.** Rova – Tovona (Miv) – Mitempo

### Valiny Teny mifanaraka 0257

**Mitsivalana**

1 Diavolana 2. Toa - IV 3. Varavarana 4. Potika (Miv) - Lav(a) 5. (L)ioka - Ota 6. Ravinala 7. AA - Goavy 8. Ia - Hoy 9. Saina (Miv) - Tany 10. Toamasina

**Mitsangana**

A. Divay - Tara (Miv) B. Akora - No D. Atrika - Gia E. Voatavo - Ma (Miv) F. Ovao (Miv) - Isa G. Aponga H. Roa (Miv) - Tao - Ti I. Nahalala (Miv) J. Aina - Avona K. Vavy - YYY



# HAFATRA LEHIBE
## AVY AMIN'NY FILOHA MARC RAVALOMANANA

TENA TEZITRA SY MALAHELO AHO

Tohina tokoa aho tamin'ny fihantsiana sy fikasihan-tanana ireo mpanohana ahy eto Antananarivo. Anisan'izany i Tompokovavy RAZANABOAHANGY MARIE AUGUSTINE "Neny", renim-pianakaviana 46 taona izay nodimandry ny zoma alina 26 Oktobra 2018 vokatry ny vono sy ny herisetra nahazo azy. Ity renim-pianakaviana ity dia niaraka tamin' ireo ekipa nanao fampielezankevitra teo Tsaralalàna Cité Lacoste sy ny manodidina ny zoma tolakandro. Mirary fiononana feno hoan'ny fianakavian'ny maty aho sy mampitraka ireo mpiaradia rehetra.

Izao no fanafihana faha-6 nahazo ireo mpanohana ahy teo anivon'ny Boriboritany voalohany hatramin'ny nanombohan'ny fampielezan-kevitra.Vao nanomboka ny fampielezankevitra dia efa tonga nanao fihantsiana tao amin' ny Foibe TANA I ireo andian' ny mpanohana kandida iray.

Nitohy tamin' ny fanipazana cocktail molotov misy asidra ny sono mobile sy ireo vahoaka mpanentana teo 67 Ha izany sy fanaovana tambabe tampoka vehivavy iray nanao tee shirt misy ny sariko. Tsy azo ekena mihitsy ny fampiasana herisetra! Adidin'ny Kandida arahin'ny olona manao ireny fihetsika mahery vaika ireny no mijoro mandray andraikitra aingana. Adidiny no manameloka izany ampahibemaso, ary miantoka ny tsy hitrangan'izany intsony. Adidiny no mifehy ny mpanara-dia azy, ary miteny amin'izy ireo fa tsy azo lefereny ny fihetsika feno herisetra toy ireny. Mila fitoniana sy filaminana ny Firenentsika. Manao antso avo amin'ny Vahoaka Malagasy aho. Matoky ny fahendren'ny Vahaoka Malagasy aho.

Samy manana ny fomba fijeriny ara-politika ny olona tsirairay ary zony tanteraka ny manohana sy misafidy izay kandida tiany ka tokony atao am-pahendrena sy am-pilaminana izany. Fatra mpanaja "discipline" ny mpanara-dia ahy. Fandriam-pahalemana, filaminana sy fampandrosoana ho an'ny Vahoaka Malagasy rehetra no teny filamatra hijoroany.
Aoka isika ho tony ary hiatrika ny fifidianana am-pilaminana nohon'ny tombotsoa ambony ny Firenentsika.

**MANOHITRA NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VAHOAKA AHO**

**MARC RAVALOMANANA**